SEHA-PIHARIANA

# Sahirana mafy ireo mpivarotra eny an-tsena

Fepetra noraisin’ny fitondram-panjakana nanomboka ny alatsinainy lasa teo ny famelana ireo mpivarotra eny an-tsena hivarotra ny entany hatramin’ny 12 ora atoandro. Ho fitsinjovana ny fiveloman’izy ireo no antony izany raha ny fiheveran’ny mpitondra. Rehefa nirosoana tokoa anefa izany dia hita fa sahirana mafy ireo mpivarotra, toy ny teny amin’ny tsenan’Andravoahangy, indrindra ireo manana entana mora simba tsy afaka hialin’andro. Voafetra ny ora hivarotana, voafetra koa anefa ny fihazonana ny entana. Misy ny entan’ny sasany amin’ny 10 ora any ho any vao tonga, ny an’ny sasany aloha kelin’izay. Eny fa na dia ireo mahatonga entana vao maraina aza sahirana satria tsy mahalafo ny entany hatramin’ny atoandro akory noho ny tsy fisian’ ny tsena vokatry ny tsy fananan’ny olona vola hanjifana. Etsy ankilany raha teo, vao amin’ny 12 ora latsaka dia efa manaitra ireo mpivarotra ny mpitandro filaminana hangorona ny entany, raha ny nambaran‘izy ireo. Misy anefa tsy manana vola ho enti-mody akory amin’io ora io, mba ho atao sakafon’ ny ankohonana. Hody maina ve nefa mba niharitra ihany nivarotra teo?
Maro samihafa ireo tranga manjo ireo mpivarotra eny an-tsena ao anatin’ izao fepetra ara-pahasalamana noraisin’ny fitondrana izao. Raha fehezina, mihena tanteraka ny vola miditra isan-tokantrano raha ho an’ireo mpivarotra eny an-tsena ary mety ho tonga amin’ny fatiantoka mihitsy aza. Mitaraina izy ireo kanefa iza no handray ny fitarainany sy hamaha ny olany ato anaty fotoana fohy? Hanao inona eo anefa fa io no hany fivelomany.

***Radafy***

Valanaretina coronavirus

# 101 ny tranga vaovao, 574 no sitrana omaly

Mitombo hatrany ny mitondra ny valanaretina coronavirus eto amintsika. Rah any omaly, nitombo 101 indray ny olona vaovao mitondra ny tsimokaretina covid 19 eto Madagasikara. 574 no sitrana. Ireo olona marary mafy na forme grave dia niampy 12, ka tafakatra 53 izy ireo hatreto. Tsy nisy kosa ny namoy ny ainy tamin’ity valanaretina ity omaly. Hatramin’ny 21 martsa no mankaty arak’izany, 3573 no nitondra ny valanaretina covid 19 eto amintsika, 1761 kosa ny fitambaran’ireo sitrana. Na maro aza ny sitrana omaly, mbola mitohy sy mafy ny ady amin’ity valanaretina mandringana eto amin’izao tontolo izao ity, ka hitandrina hatrany ny rehetra, tsy sasatra ny mamerimberina ny gazety, tokony hanaja ireo fepetra ara-pahasalamana foana isika.

***Aly***




*Ireo tarehi-marika momba ny coronavirus omaly.*

Finoana

# Hiasa mafy indray ireo mpitondra fivavahana

Tsy maintsy miverina mikatona avokoa indray ny trano fiangonana nanomboka ny alatsinainy lasa teo noho ny fihanaky ny valan’aretina covid-19 eto amin’ny firenena. Efa nitranga izay fikatonana izay tany amin’ny fiandohan’ny hamehana ara-pahasalamana eto amin’ny firenena ny tapaky ny volana martsa 2020. Novahana tsikelikely anefa izany tato aoriana, ka noferana ny isan’ny mpino afaka miditra ao amin’ny trano Fiangonana amin’ny fotoana nivavahana. Manahirana ho an’ny mpitondra fivavahana io toe-javatra io, indrindra izao fikatonana tanteraka izao indray, satria tsy maintsy mitady fomba izy hitaizana ara-panahy ny mpino ao aminy. Nataony tokoa izany nandritry ny fotoana maro ary nanao ho lohalaharana amin’izany ireo fiangonana miombona ao anaty fiangonan-dehibe efatra eto amin’ny firenena. Nampiasaina ny haino aman-jery sy ny tambazotran-tserasera samihafa. Tsikaritra koa anefa tetsy ankilan’izany fa tsy ny haino aman-jery rehetra no niara-nientana niray feo nampita izany. Nisy ireo sasany izay ny tandrifiny sy ny nety taminy no nampitainy tamin’ny fitaovana ananany. Tsy manimona izany, fa ny zavadehibe dia ny fitaizana ny vahoaka amin’ny lafiny ara-panahy. Ny fanahy rahateo no olona, hoy isika Malagasy. “Misokatra aza ny trano fiangonana mbola manahirana ihany ny lafiny ara-panahy eo amin’ ny mpino sasany mainka fa mikatona… ho sarotra ihany”, hoy ny nambaran’ ny mpitondra fivavahana iray. Ny halatra, ny herisetra sy ny asan-jiolahy aza mety hirongatra be ihany koa noho ny fahantrana.
Ny lafiny ara-panahy dia mifamatotra amin’ny fomba fiaimpiainana sy fitondrantenan’ny olom-pirenena. Miankina amin’ny tanjaka ara-panahy ny tanjany ara-batana sy indrindra ny ara-tsaina amin’ ny fiatrehana ny fiainana. Tena zava-dehibe izany ao anatin’izao krizy arapahasalamana eto amin’ ny firenena izao, ary manana ny lanjany lehibe sy ny anjara toerany araka izany ireo mpitondra fivavahana.

***Aris***

Befotaka Atsimo

# Zaza miisa 113 no matin’ny tazomoka sy fivalanana tao anatin’ny 1 volana

Zaza herin-taona ka hatramin’ny 5 taona no lasibatry ny aretina tazomoka sy fivalanana any amin’ny Kaominina miisa 2 any amin’I Distrikan’ i Befotaka Atsimo faritra Atsimo Atsinanana. Nilaza ny Solombavambahoaka Razafindratsara Johnson voafidy tany an-toerana fa Zaza miisa 56 no maty tao anatin’ny iray volana tany amin’ny kaominina Bekofafa ary zaza miisa 57 no nindaosin’ny fahafatesana tany amin’ny Kaominina Ambanivohitra Ranotsara Atsimo. Nanohy nanazava ity olom-boafidy ity fa ny faran’ny volana mey ka hatramin’ny faran’ny vola Jona 2020 no tena nisehoan’ny tranga fahafatesan’ny zaza any an-toerana, hany ka tsy maharaka amin’ny fandraisana ny zaza marary ireo mpitsabo. Ankoatra izany, nanohy fanazavana ny Solombavambahoaka Jonhson, fa anisan’ny nanome vahana ny fahafatesan’ny zaza ny tsy faharisihan’ny vahoaka manatona ny toerampitsaboana rehefa misy trangan’aretina. Araka ny nambaran’ity olom-boafidy ity, fa nanao tatitra ny mpiasan’ny fahasalamana any amin’ny Distrikan’i Befotaka fa ny aretina tazomoka sy ny aretina fivalanana no tena betsaka nahafaty ny zaza ary reni rano iray ihany no mandalo amin’ireo kaominina roa ireo. Manao antso avo amin’ny tompon’andraikitra mifanandrify izany ity Solombavambahoaka ity, mba hijery malaky ny Distrikan’ i Befotaka, anisan’ izany ny Ministeran’ny fahasalamana, ny Ministeran’ny rano sy ny fidiovana, ny Ministeran’ny mponina indrindra indrindra.

***Franck Razakambelo***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Maro ireo mangataka mangarahara momba ny fitantanana ny fanampiana amin’ny covid 19

**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** tsy ny Tim irery no mangataka ny mangarahara, momba ny fitantanana ny fanampiana covid-19. Aoka hazava ny resaka. Maro no mitaky fanazavana momba an’ilay vola tsy hita mitentina 193 tapitrisa dolara Amerikana.

**Haingo Niaina Rakotoarivelo :** matoa ho aho ny olona 1 miezaka mafy mba ho lasa filoham- pirenena dia mba te ho mpanefoefo izy zay, koa nitady vola ny filou de nahita de mba mihinana izy manao zavatra ho azy mba ho an’ny taranany izy , otranlah miasa de nahazo fampiakarana grade de las…

**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** faible be le fanazavanao. Ny mouvement ny vola rehetra eto amin’izao tontolo izao dia hitan’ny mpamatsy vola mahazatra avokoa ireny, ka tsy misy marina hafenina izany, fa tsy maintsy ho hita foana.

**Lily Andrianantenaina :** misy mafia ny mpitondra eto amintsika, ny mafia no anisan’ny tena mpanodinkodim-bola any amin’ireny toerana tsy andoavanketra na paradis fiscal ireny.

**Miadana Ercaeme :** tsy misy marina tsy hipoitra, vola toko ny hanampiana ny vahoaka iadiana amin’ ny coronavirus ve no nahodina, tena tsy rariny !

**Haingo Niaina Rakotoarivelo :** loza zahay zany nampidirany aretina hahazahoany vola, poooaahhhhhh zany v tsy mpamosavy ?

**Miadana Ercaeme :** ntsss , efa mba nanao zay nety ny fitondrana e! saingy efa azo lazaina ho tara ihany ny fandraisana andraikitra nataony. Ny fanampiana nataony koa dia tsy niverina intsony, nefa izao fanaovana confinement total izao indray dia mila tohana mafy tokoa. Indrisy fa tsy misy anefa izany ankehitriny. Koa tsy mahagaga raha tsy tena tontosa ny fihibohana, mipariaka ihany ny valanaretina.

**Dadandry Sit :** raha 193 million de dollars izany no ampiasaina araka ny tokony ho izy, ho ampy fitaovana ny mpiasan’ny fahasalamana, hahazo tohana hoentina hiatrehana ny coronavirus ny ankamaroan’ny olona.

**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** hay tokoa moa efa hoe : izahay izao no eto, dia mihinana izy e ! misy farany anefa ny zavatra rehetra fa tadidio. Raha nitohy nitsiry ny hazo tonga tany an-danitra, tsy izay anefa no izy, fa tsy maintsy misy farany ny zavatra rehetra, na ho ela na ho haingana, indrindra ny zava-dratsy atao amin’ny mpiray tanindrazana, tsy maintsy ho tonga amkin’ny fetra !

**Lydia Mirantisoa :** tokony hazava ny momba io 193 million de dollars io, vola anie izany e ! mahavita izay vitany izany amin’izao ady amin’ny valanaretina coronavirus izao raha tsy nihodina any amin’ny lalankafa tokoa.

**Niaina Rakotosoa:** hay tokoa moa natao ny ezaka rehetra ka nahatonga ny doublon, fa tsy hoe mamimbahoaka koa! Izay ilay nahavoafidy an-dRajoelina tamin’ny tsy fahamarinana izay ankehitriny no mahatonga izao fitondrana izao tsy ho to teny, sy tsy raharahian’ny vahoaka.

**Découverte Mada Njato :** manaiky vé ianao raha ny volanao no hanamboarako trano ho ahy. Noho izany, tsy rariny raha vola tokony hanampiana ny vahoaka amin’izao ady amin’ny covid 19 izao no lasan’olon-tokana, na lasan’olombitsy.

**Jlouis Rakotonindrina :** matoa mitaky mangarahara ny maro dia ao raha, misy tsy mazava ny nalehan’ilay vola, no sady efa ny Banky Iraisam-pirenena mihitsy no nkiteny fa lasa any amin’ny Paradis Fiscaux io vola io.

**Andriamahery AR :** manao cinema ireo e! Rakrisy, Radidy,... anie ka akamany e. Saingy efa ny Banque Mondiale no miteny dia mody miteny koa Rakrisy sy Deba. Ravalo dia efa hatramin’ny ela no nanambara ny tsy fahombiazan’izao fitondran-dRajoelina izao.

**Ravaoarisoa Faranirina :** ravao ny governemanta f ef voky hatreny an-tendakely e. Mme bonbon ihany ve no voadaka?...

**Marius Rafanomezantsoa:** tsy ny governemanta ihany no tokony ho ravana, fa izao fitondran-dRajoelina izao mihitsy no tokony hiala, fitondrana mampijaly vahoaka, tsy mitsinjo vahoaka.